# NY TONTOLO IAINANA



## TANJONA

Mpianatra mahay mitia, mikajy ary miaro ny biby, ny zava-maniry sy ny tontolo manodidina azy.

## LESONA HOTADIDIANA

**Famaritana:**

Ny tontolo iainana dia fitambaran'ny zavaboaary manodidina sy ny voatr'olombelona rehetra.

**Ny fikajiana ny tontolo iainana :**

Mila fikarakarana manokana sy fikajiana ny tontolo iainana satria miantoka ny fahasalamana sy ny fiainana'ny olombelona izy.

Ny tontolo iainana no miantoka ny fiainan'ny olombelona satria ireo singa ao anaty tontolo iainana no mamokatra sy manome izay rehetra ilain'ny olombelona, toy ny tany, ny rivotra, ny hazo sy ny sisa maro be.

## Sahanasa 1

- Avao ato anatin'ity fafana ity ireo singa mandafitra ny tontolo iainana rehetra voatanisa etsy ambony.

| Singa eo amin'ny tontolo iainana | |
|---|---|
| Zavaboaary | -……………………………………<br>-……………………………………<br>-……………………………………<br>-…………………………………… |
| Voatran'olombelona | -……………………………………<br>-…………………………………… |

- Omeo eto ambany araka izany ny famaritana ny atao hoe: tontolo iainana

- Fenoy X ny fafana

| Fehezanteny | Eny | Tsia |
|---|---|---|
| Tsy maintsy  vonoina ny bibidia fa mampatahotra. | | |
| Ny fanaovana maloto eny amoron-drano dia fandotoana ny tontolo iainana. | | |
| Tsy misy fiatraikany amin'ny toe-trandro ny fanimbana ny ala. | | |
| Ny fanaovana maloto eny amoron-drano dia fandotoana ny tontolo iainana. | | |
| Mitondra fahasalamana ny fanasana lamba eny amin'ny renirano. | | |
| Manana anjara amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny mpianatra tsirairay. | | |

- Lazao amina fehezanteny iray ny anjara toeran'ny biby eo amin'ny olombelona
  - Sakafo :…………………………………………………………………
  - Fizahantany: ……………………………………………………………
  - Fitaovana : ……………………………………………………………
  - Harena : ………………………………………………………………
  - Fomba : ………………………………………………………………

## Sahanasa 2

- Asio tsipika eo amban'ireo izay vokatry ny tontolo iainana madio ary ataovy ao anaty mahitsizoro ireo vokatry ny tontolo iainana maloto
  - Mihanaka ny aretina.
  - fahafinaretan'ny maso.
  - Ripaka ny biby.
  - Maloto ny rivotra iainana.
  - Fiarovana ny biby.
  - Mitondra fahasalamana.
- Ampifandraiso amin'ny alalan'ny tsilo ireto:

| | | | |
|---|---|---|---|
| Fandoroana tanety | • | • | mamono ny biby. |
| Fanariana fako an-kalamanjana | • | • | manimba ny tany. |
| Fandripahana ny ala | • | • | mandoto ny rivotra. |

- Lazao amina fehezanteny iray ny anjara toeran'ny zava-maniry eo amin'ny olombelona
  - Sakafo: ……………………………………………………………………
  - Fitsaboana : …………………………………………………………………..
  - Fitaovana :……………………………………………………………………….
  - Harena : …………………………………………………………………

## Sahanasa 3

- Omeo ary izay antony ilàna ireto singa mandrafitra ny tontolo iainana ireto:
  - Tany:
  - Biby fiompy:
  - Rivotra:
  - Hazo:
  - Rano:

- Fenoy amin'izay tokony ho fiarovana ny tontolo iainana ny fafana.

| Tontolo iainana | Tany | Rano | Ala | Bibidia | Rivotra |
|---|---|---|---|---|---|
| Fiarovana | | | | | |

- Fenoy ny banga amin'ireto ohabolana sy fomba fiteny ireto hanamafisako ny fahalalako.
  - «…………………………………., ny tany naniriany no tsara.»
  - «Teraka omby fahavaratra, ………………….»
  - «Toy ny ladim-boatavo ny olombelona, ………………………»
  - «Izay monina amoron-drano, mahita ny marivo irobohana, izay monina amoron'ala………………………………..»
  - Vary tiam-pody, ………………………………………… »

- Mamorona lahatsoratra manoritsoritra maneho ny fifandraisan'ny biby sy ireo zava-manana aina ary ny olombelona. (fehezanteny 10)

Fampidirana

………………………………………………………………………………………………

………………………………………………………………………………

Famelabelarana

………………………………………………………………………………………………

………………………………………………………………………………………………

………………………………………………………………………………………………

………………………………………………………………………………………………

………………………………………………………………………………………………

…………………………

Famaranana

………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………